



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY FILAZANTSARA ARAKA AN'I JAONA – L'EVANGILE SELON JEAN

Alatsinainy 22 febroary 2021
Lundi 22 février 2021

**FITARIHAN-TENY AO AMIN'NY FILAZANTSARA ARAKA AN'I JAONA (Jaona 1, 1-18) –
LE PROLOGUE DE L'EVANGILE SELON JEAN (Jena 1, 1-18)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le
Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra, dia izay mino ny Anarany » (Jao. 1, 12) - « *Mais à tous ceux qui L'ont acceptée, à ceux qui croient en son Nom, Elle a donné le droit de devenir enfants de Dieu* » (Jean 1, 12).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) 83, 1-2 : Ry Jeso ô, Ianao no mahavonjy :

1. Ry Jeso ô, Ianao no mahavonjy
Izay rehetra hiankina Aminao.
Tonga taty hitady sy hamonjy
Izay mpanota very Ianao.

Fiverenana :

*He, ry mpanota very aty !
;: Ô, mankanesa ho any Aminy ;:.*

2. Na dia Zana-janahary aza,
Na dia Tompo aza Ianao,
Tsy mba nitandro hery aman-daza
Fa tonga olona ory Ianao.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Jaona (Jean) 1, 1-5 :

1 Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. 2 Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. 3 Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza. 4 Izy no nisiam-piainana, ary ny fiainana no fanazavana ny olona. 5 Ary ny Mazava dia mamirapiratra ao amin'ny maizina, fa ny maizina tsy nandray Azy.

1 Au commencement, la Parole existait déjà. La Parole était avec Dieu et la Parole était Dieu. 2 Elle était au commencement avec Dieu. 3 Tout a été fait par elle et rien de ce qui a été fait n'a été fait sans elle. 4 En elle il y avait la vie, et cette vie était la lumière des êtres humains. 5 La lumière brille dans les ténèbres, et les ténèbres ne l'ont pas accueillie.

Fanamarihana 1 – Remarques 1 : Ny Teny ny amin'ny fiainana : i Kristy mandrakizay, Andriamanitra Mpamorona sy Mpanavotra - La Parole Eternelle de vie : Le Christ Éternel, Divin, Créateur, Rédempteur

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny ankohonantsika – *pour notre foyer*
- ho an'ny Mpitondra antsika – *pour nos dirigeants*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 291, 1 sy (et) 3-4 : Efa tonga zana-dRay, Tsitoha, ianao :

1. Efa tonga zana-dRay, Tsitoha, ianao,
Ry tanora, tamin'ny batisa masina :
Izany no Tenin'ny Tompo.
3. Famelana heloka sy Fahasoavana,
Fanavaozana ny fo sy Fiadanana :
Samy nomen'ny Mpamonjy.
4. Dia arahonao i Jesosy fa Mpamonjiniao.
Aoka hahafaly Azy ny fiainanao :
Tovy izay Sitrapony !

Teksta 2 – Texte 2 : Jaona (Jean) 1, 6-13 :

6 Nisy lehilahy nirahin'Andriamanitra, i Jaona no anarany. 7 Izy tonga ho vavolombelona hanambara ny Mazava, mba hinoan'ny olona rehetra noho ny teniny. 8 Tsy izy anefa no ilay Mazava, fa tonga ho vavolombelona hanambara ny Mazava ihany izy. 9 Tao ny tena Mazava izay mahazava ny olona rehetra tonga amin'izao tontolo izao. 10 Teo amin'izao tontolo izao Izy, ary Izy no nanaovana izao tontolo izao, nefa izao tontolo izao tsy nahalala Azy. 11 Tonga tany amin'ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy. 12 Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny Anarany, 13 dia ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak'Andriamanitra.

6 Il y eut un homme envoyé par Dieu, son nom était Jean. 7 Il vint comme témoin, pour rendre témoignage à la lumière afin que tous croient par lui. 8 Il n'était pas la lumière, mais il vint pour rendre témoignage à la lumière. 9 Cette lumière était la vraie lumière qui, en venant dans le monde, éclaire tout être humain. 10 Elle était dans le monde et le monde a été fait par elle, pourtant le monde ne L'a pas reconnue. 11 Elle est venue chez les siens, et les siens ne L'ont pas accueillie. 12 Mais à tous ceux qui L'ont acceptée, à ceux qui croient en son Nom, Elle a donné le droit de devenir enfants de Dieu, 13 puisqu'ils sont nés non du fait de la nature, ni par une volonté humaine, ni par la volonté d'un mari, mais qu'ils sont nés de Dieu.

Fanamarihana 2 – Remarques 2 : Ny teny vavolombelona nataon'i Jaona momba an'i Kristy : ilay tena Fahazavana - Le Témoignage prophétique de Jean rendu à Christ : La Véritable Lumière

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny marary - *pour les malades*
- ho an'ireo vao namoy havana akaiky – *pour ceux qui viennent de perdre un proche*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 447, 1-2 : Ianao, ry Kristy Tompo :

1. Ianao, ry Kristy Tompo, no hasiniko izao,
Avy aho, fa mpanompo, hiankohoka Aminao.
Raiso re ny dera, saotra, tena mendrika ho Anao
He, ny foko faly loatra, faly mba hanaja Anao.
2. Iza no tena faniriako : ny ho velona Aminao,
Ka hitoeranao ny foko, fa tsy holalovanao.

Eny, Tompo ô, monena, mba monena ao tokoa,
Izay no tena Famonjena, izay no mahafatra-po.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Jaona (Jean) 1, 14-18 :

14 Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika, ary hitanay ny Voninahiny, dia Voninahitra miendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno Fahasoavana sy Fahamarinana.

14 Et la Parole s'est faite homme, elle a habité parmi nous, pleine de Grâce et de Vérité, et nous avons contemplé sa Gloire, une Gloire comme celle du Fils unique venu du Père.

15 I Jaona nanambara Azy ka niantso hoe : Izy ilay nolazaiko hoe : izay avy ao aoriako dia efa tonga eo alohako, satria talohako Izy. 16 Fa tamin'ny fahafenoany no nandraisantsika rehetra, dia Fahasoavana anampy Fahasoavana. 17 Fa ny Lalàna dia nomena tamin'ny alalan'i Mosesy, [fa] ny Fahasoavana sy ny Fahamarinana kosa dia tonga tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy. 18 Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana, fa ny Zanakalahy Tokana, izay ao an-tratran'ny Ray : Izy no nanambara [Azy].

15 Jean Lui a rendu témoignage et s'est écrié : « C'est Celui à propos duquel j'ai dit : 'Celui qui vient après moi m'a précédé, car Il était avant moi' ». 16 Nous avons tous reçu de sa plénitude, et grâce sur grâce. 17 En effet, la loi a été donnée à travers Moïse, mais la grâce et la vérité sont venues à travers Jésus-Christ. 18 Personne n'a jamais vu Dieu : Dieu le Fils unique, qui est dans l'intimité du Père, est Celui qui L'a fait connaître.

Fanamarihana 3 – Remarques 3 : Ny Teny dia tonga nofo : i Kristy tonga nofo manambara an'Andriamanitra - La Parole a été faite Chair : Le Christ incarné révèle Dieu

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny Mpitandrina – pour les Pasteurs
- ho an'ny Fiangonana – pour l'Eglise

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.

Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !
*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont
offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous du mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des
siècles. Amen !*

Hira (Cantique) 13, 1 : Misaora ny Mpahary :

1. Misaora ny Mpahary : tsarovinao ny Asany !
Misaora ny Mpahary : derao ny soa vitany !
Ny helokao rehetra dia voavelany,
Fa tsy mba misy fetra ny Fitiavany,
Ny Zanany nafaony mba ho Mpamonjinao,
Ka ianao nantsoiny handray ny aim-baovao.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Rom. 10, 3-11 :

3 Fa satria tsy nahalala ny Fahamarinana avy amin'Andriamanitra [ny Jiosy] ka nitady hanamarina ny tenany, dia tsy nanaiky ny Fahamarinana avy amin'Andriamanitra. 4 Fa i Kristy no faran'ny Lalàna ho fahamarinana ho an'izay rehetra mino.

3 [Les juifs] ignorent la Justice de Dieu et cherchent à établir la leur propre : ils ne se sont donc pas soumis à la Justice de Dieu, 4 car Christ est la fin de la Loi pour que tous ceux qui croient reçoivent la Justice.

5 Fa i Mosesy nanoratra milaza fa izay olona manao ny fahamarinana avy amin'ny Lalàna no ho velona amin'izany. 6 Fa ny Fahamarinana izay avy amin'ny finoana kosa manao hoe : "Aza milaza ao am-ponao hoe : Iza no hiakatra any an-danitra" ? : (dia ny hampidina an'i Kristy izany), 7 na : Iza no hidina any amin' ny lalina ? (dia ny hampiakatra an'i Kristy avy any amin'ny maty izany). 8 Fa ahoana no lazainy ? : Eo akaikinao ny Teny, dia eo am-bavanao sy ao am-ponao, dia ny Teny ny amin' ny Finoana, izay torianay 9 satria raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovanjena ianao. 10 Fa amin'ny fo no inoana hahazoana Fahamarinana, ary amin'ny vava no anekena hahazoana Famonjena.11 Fa hoy ny Soratra Masina : Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy.

5 En effet, Moïse décrit ainsi la justice qui vient de la Loi : L'homme qui mettra ces prescriptions en pratique vivra par elles. 6 Mais voici comment parle la Justice qui vient de la Foi : « Ne dis pas dans ton cœur : 'Qui montera au ciel' ? : ce serait en faire descendre Christ 7 ou : 'Qui descendra dans l'abîme' ? : ce serait faire remonter Christ

de chez les morts ». **8** *Que dit-elle donc ? La Parole est tout près de toi, dans ta bouche et dans ton cœur. Or cette Parole est celle de la Foi, que nous prêchons.* **9** *Si tu reconnais publiquement de ta bouche que Jésus est le Seigneur et si tu crois dans ton cœur que Dieu L'a ressuscité, tu seras sauvé.* **10** *En effet, c'est avec le cœur que l'on croit et parvient à la Justice, et c'est avec la bouche que l'on affirme une conviction et parvient au Salut, comme le dit l'Écriture :* **11** *Celui qui croit en Lui ne sera pas couvert de honte.*

Hira (Cantique) 455, 1 : Ny Androm-Pahasoavana :

1. Ny androm-pahasoavana maneho zava-baovao :
Mahazo fahasambarana izao tontolo izao.
Ravoravo ny efitra maina mbamin'ny tany karankaina,
He, toriana ny Teny soa, ka dia afaka avokoa
Ny olom-bery maniry ho velona.

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Éternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Éternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Éternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.
Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie.*
Gloire soit rendue à Dieu.

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !